## NY TENY FIAINANA

*"Ary mangataka aminareo izahay, ry rahalahy, mba hekenareo izay mikely aina eo aminareo sy mitondra anareo amin'ny Tompo ary mananatra anareo."*
***I Tesaloniana 5:12***

TANÀNA SAINT FRANÇOIS XAVIER AMBATOMIRAHAVAVY

# Mandray ny lasy faha-80 taonan'ny Mpanazava

Ny tanàna Saint François Xavier Ambatomirahavavy distrikan'Arivonimamo faritr' Itasy, no mandray ny lasy fankalazana ny jôbily faha-80 taonan'ny Mpanazava eto Madagasikara. Nosokafana tamin'ny fomba ôfisialy ny talata 2 aogositra 2022 teo ity lasy ity, ka ny vadin'ny Lehiben' ny governemanta, Ramatoa Léa Ntsay, no Reny mpiahy azy. Notsindriany manokana nandritra ny lahateny nataony tamin'ity fanokafana ity, fa tokony hilofosan'ireo ankizy sy tanora zazavavy , indrindra ireo mpikambana ao amin'ny Mpanazava ny fianarana, ny fananana fitondran-tena mendrika sy vinam-piainana ary ny fijoroana hatrany amin'ny fahamari- nana. Ilaina ny vehivavy vanona sy vononona hanasoa ny ankohonana, ny fiangonana, ny fiaraha-monina ary ny firenena, hoy ihany ny tenany. Araka izany dia nitsodrano ny Mpanazava rehetra Ramatoa Léa Ntsay, mba ho lasa vehivavy fakan-tahaka amin'ny fahazavana entin'izy ireo miatrika ny fiainany.



*Lasy faha-80 taonan'ny Mpanazava.*

***Rainilita***

TIM Toamasina

# Mila diovina aloha ny kianja hilalaovana amin'ny fifidianana

Niara-nivory tao Ambodivoanio, misy ny foiben-toeran'ny antoko TIM any Toamasina ny alatsianiny teo ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny ao anivon'ity antoko najoro ny filoha Marc Ravalomanana ity, niatrika izany ny mpiatrika ny antoko avy amin'ny Faritany, ny Faritra, ny avy amin'ny distrika, ny Vehivavy ary ny Tanora TIM. Tonga tany an-toerana koa ny depioten'Ambohidratrimo, sady sekretera jeneraly faharoa ao amin'ny antoko, Mamy Rabenirina. Nisongadina nandritra ny fandraisam-pitenenana, fa mila diovina aloha ny kianja hilalaovana amin'ny fifidianana, izay vao milalao ary izany no anisan'ny ilana ny fanantanterahana ny concertation nationale, n any fikaonandoham-pirenena. Miomana isika fa tsy maintsy hisy ny fifidianana na rahoviana na rahoviana, hoy ireo mpandahateny. Niatrika izany koa ny filohan'ny TIM amin'ny Faritanin'i Toamasina, ny senateran'i Madagasikara teo aloha, Jacky Manambola, sy ireo tompon'andraikitry ny antoko any amin' ny renivohitry ny faritra Atsinanana. Nanakoa-ko ny teny filamatry ny faha- 20 taonan'ny antoko TIM: " minoa, sahia, mijoroa."

***Isambilo***

Beach Soccer Madagascar-Seychelles

# Mpitsara Ougandey sy Zambiana no hitsara ny lalao

Efa vonombonona aok' izany ny any Mahajanga faritra Boeny, handray ny lalao miverina hifanandrinan'i Madagasikara sy Seychelles eo amin'ny fifaninanana « Qualifications CAN BEACH SOCCER - Mozambique 2022 ».
Fantatra fa mpitsara 4 mirahalahy teratany Ougandey sy Zambiana, no hitsara an'ity lalao miverina hatao any amin'ny « Village Touristique – Mahajanga »ity amin'ny alahady 7 aogositra 2022 ho avy izao.

Nambaran'ny FMF mpikarakara ny lalao, fa tsy hisy vidim-pidirana ny fanatrehana an'ity lalao ity na dia lalao iraisam-pirenena aza.

***Rainilita***



*Ireo mpitsara lalao efadahy nigadona teto Madagasikara.*

Basket-ball Fiba Afrika U18 lahy sy vavy

# Tonga ny Senegaley dia namantana teny Mahamasina



*Ny ekipam-pirenena U18 Senegaley.*

Vantany vao nigadona teto Antananarivo, tamin'ny 2 aogositra 2022 ny Ekipam-pirenena U18 Zatovolahy Senegaley dia namantana avy hatrany teny amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina, nizatra ny kianja sady nanohy ny fanazarantenan'izy ireo. Hita ho somary lava ranjanana ihany ireto mpilalao Senegaley ireto ary tena vonombonona aok'izany hiatrika ny fifaninanana. Marihana fa anio alakamisy 04 aogositra 2022 no hanomboka eto Antananarivo sy any Antsirabe ity fifaninanana Afrobasket lahy sy vavy U18, 2022 ity.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henomby sy ovy ary anamalaho rony** indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny voana papaye

Ny soa azo avy amin'ny voana papaye indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
- Manampy amin'ny fandevonan-kanina.
-Tsara ho an'ny aty.
-Tsara ho an'ny olona mararin'ny cancer, na homamiadana.
-Fanabeazana haizana voajanahary izy.
-Tsara ho an'ny voa.
- Manampy amin'ny fanenana vatana.
- Azo hitsabona tazo.
- Tsara ho an'ny olona manana aretim-bavony.
- Manala poizina, na toxine ao anatin'ny vatana.
- Manala kankana.
- Tsara ho an'ny hoditra sy ny volo.
Mihinana voana papaye 7 in-2 isan'andro anatin'ny 7 andro. Afaka hamainina koa dia atao vovony.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Ranomainty any amin'ny distrikan'Amparafaravola faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'i Ranomainty any amin'ny distrikan'Amparafaravola faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ranomainty ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina 13 mandrafitra ny distrikan'Amparafaravola. Any afovoany andrefan'ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Efa azo lazaina ho avo toerana izy, satria 824 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny anana isan-karazany. Mpiompy akoho amam-borona koa ny any Ranomainty.

